

Ireo vadina Filoham-pirenena afrikana miisa folo, tsara tarehy indrindra, araky ny filaharana nataon'ny tranokala Naij.com
Tsy hita tabilao kosa i Voahangy vadin'ingahy Rajaonarimampianina

Raha eto Madagasikara aloha dia ho lazaina fa fidirana ao anaty fiainana manokana izany (*«vie privée»*) any ka na dia ny anaran'i Voahangy Rajaonarimampianina nomen'ny ray aman-dreniny talohan'ny nanambadiany an'ity mpikaonty vola avy ao Antsofinondry ity aza dia tsy ampahafantarina ny vahoaka. Dia tsy misy miraika tokoa anie Ra-Malagasy fa olona tsy fanta-piaviana izany no mba *«Première Dame»* eto. Kanefa izy irery ihany no manana izany hoe *«Cabinet»* izany eo anivon'ny prezidansy eran'ny Afrika, ary tsy misy izany fepetra izany ao anaty Lalampanorenenan'ny repoblika hafa-4 eto Madagasikara. Io fiononàna io no mahatonga ny mpitondra manao izay saim-pantana hambotry anao. Miheverà tena daholo e !

Ka entiko ao Afrika ianareo androany mikasika ny vadina filoham-pirenena folo izay tsara indrindra, araka ny fijerin'ny tranokala Naij.com. Tsy fantatra aloha hoe inona avy ny fepetra (*« critères »*) nahatonga azy nisafidy ireto fa dia *« anao ny safidy »*, hoy Jean Louis Rafidy izay.



1. Ny prinsesy Lalla Salma, vadin'i Mohammed VI, mpanjakan'ny Maroc. Injeniera toa an'i Bao Andriamanjato izy, ary miady mafy anoherana ny *"cancer"* ao anatina fikambanana maro www.madagate.org



2. Sylvia Bongo Ondimba, vadin'ny filoha Ali Bongo ao Gabon. Malaza amin'ny fankafiziny ny akanjo raitra nozairin-dry Valentino na Chanel. Anisan'ny sangany amin'ny tolona ho an'ny fahafahan'ny Vehivavy st ny Fiarovana ny ankizy.

www.madagate.org



3.Chantal Vigouroux-Biya, vadin'ny filoha Paul Biya ao Cameroun. Izy ity dia malaza aminy fomba fanamboarana ny volony. Marina sa tsia raha mijery ny sary ianao. Raha ny akanjo kosa dia ry Chanel sy Dior no tena ankafiziny ary ho azy manokana ny akanjo zairina amin'izany (*" sur mesure"*)

www.madagate.org



4. Hinda Deby Itno, vadin'ny filoha ao Tchad. Silamo, mazava ho azy. Tsotra ny fahafantaran'ny vahoakany azy. Akanjo be loko sy *"foulards"* no tena ankafiziny. Marani-tsaina ary nilaza mihitsy ny filoha Deby fa manampy be azy ny vadiny eo amin'ny fomba fitantanany.

www.madagate.org



5. Zeinab Suma Jammel, vadin'ny filoha Yahya Jammeh ao Gambie (fa tsy Zambie). Avy any Maroc ity Zeinab ity. Silamo ihany koa. Malaza mahay mihaingo izy ary manana toe-tsaina matanjaka, tsy azo lembenenana. Marihina fa vady voalohan'i Yahya Jammeh i Zeinab Suma izay nanana vady roa, fa nosarahiny io vady faharoa io, dia i Alima Sallah. Satria tsy nanaiky mihitsy i Zeinab amin'izany vady roa izany. Tantara be e!...

www.madagate.org



6. Ny mpanjaka vavy Inkhosikati LaMbikiza, vadin'ny mpanjaka Mwsati III ao Swaziland, izay manana vady miisa 15 be izao (*"polygame"*)! Fony io Mbikiza 16 taona dia najanony ny fianarany satria hanambady an'ity mpanjaka ity izy. Fa avy eo kosa notohiziny ny fianarany ka dia manana diplaoma momba ny Lalàna izy ankehitriny.

www.madagate.org



7. Ana Paula dos Santos, vadin'ny filoha Eduardo dos Santos ao Angola. *"Hôtesse de l'air"* izy io ary tao anaty raoplanina ingahy filoha no tratry ny varatry ny fitiavana (*"coup de foudre"*). Ary dia nakariny ho vadiny ity vehivavy manana diplaoma momba ny Lalàna, mpampianatra sy *"mannequin"* ihany koa.

www.madagate.org



8. Marie Olive Lembe di Sita Kabila, vadin'ny filoha Joseph Kabila ao RDC (République démocratique du Congo). Malaza olo-tsotra tsy tia miseho i Marie Olive. Efa niaraka hatryny ela be mihitsy i Joseph Kabila sy izy vao nanapa-kevitra ny hanambady ara-pomba ofisialy

www.madagate.org



9. Dominique Folloroux-Ouattara, vadin'ny filoha Alassane Dramane Ouatarra ao Côte d'Ivoire. 61 taona izy. Metisy jiosy sy algerianina izy. Mpandraharaha no asany ka najanony daholo izany rehefa nanambady ity filoham-pirenena ity. Asa, mahavelona tokoa va re izany hoe vadina filohampirenena izany? Anao no mandinika izany...

www.madagate.org



10. Margaret Gakuo Kenyatta, vadin'ny filoha Uhuru Kenyatta ao Kenya. 50 taona izy. Olo-tsotra izy ary mitaratra ao amin'ny tarehiny izany fatsorany izany. Saro-kenatra ihany koa fa dia mahay mianjaika i Margaret. Mendrika ny toerana misy azy izy

www.madagate.org

*06 Oktobra 2016*

**Nandika : Jeannot Ramambazafy**

**Avy ao aminy Naij.com**